RESEAU TRANSPARENCE & REDEVABILITE SOCIALE MADAGASCAR

Soa Afafy Hampahomby ny ho Avy

« Sehatra Ifampiérana Mampahomby ny Sampan-draharaha eny Ifotony»
(SIMSI)

Torolàlana momba ny Fizohiana ny Tolo-draharaha ataon'ny Olom-pirenena sy ny Rafitra Ifotony Fikaonan-doha (RIF)

Aogositra 2020

GPSA
GLOBAL PARTNERSHIP FOR SOCIAL ACCOUNTABILITY

Teny fampidirana momba ny Torolàlana

Ity tahirin-kevitra torolàlana ity dia niarahan'ny Ekipa Teknika n'ny Tetik'asa SIMSI sy ny Komity Mpandrindra ny Tambazotra RTRSM novolavolaina. Heverina fa fitaovana ho entin'ny Fikambanana manome Tantsoroka ny Olom-pirenena sy ny Mpisehatra hanamoràna ny fizohiana ny fahafaham-pony eo amin'ireo tolo-draharaha na servisy misy eny anivon'ny kaominina izy ity, ka ho ampiasaina amin'ireo kaominina nosafidian'ny tetik'asa SIMSI.

Miantefa manokana amin'ireo **Mpisehatra** mandrafitra ny RIF ny fanaovana ny Fizohiana ny Tolo-draharaha eny amin'ny Kaomina hitondràn'ny SIMSI fanohanana. Noho ny zava-misy mifandraika amin'ny valan'aretina Coronavirus, dia hampiasa kokoa ny fitoavan-tserasera Telefaonina sy « internet » isika amin'ny fampitàna ny vaovao ara-potoana.

Toro-làlana manome ny dingana ankapobeny hanamoràna ny fomba fiasa no atolotra ato, fa azo inoana fa ny zava-misy dia tsy mitovy avokoa eo amin'ny kaominina sy ny sehatra samihafa. Ilaina noho izany ny manadihady tsara ny zava-misy ka manamboatra ny fomba fiasa arakaraky ny olana, ny sakana sy teritery, na koa ireo otrik'hery azo trandrahina tena misy isaky ny kaomina.

Koa dia mirary ny mpisehatra rehetra izay hampiàsa ity toro-làlana ity mba hahomby amin'ny asa sahaniny.

Ny Mpandrindra ny Tetik'asa
SIMSI/ONG SAHA

Ravelomanantsoa Harilanto

Fanoroam-pejy

Teny fampidirana momba ny Torolàlana 2
Inona no atao ho Fizohiana, ary inona no antony? 4
Fahalalàna ankapobeny momba ny Fizohiana 4
Ny Fizohiana ataon'ny olom-pirenena (Tetik'asa SIMSI) 5
Fampitàna ny toro-làlana 5
Ny Dingana arahina ho fanamoràna ny Fizohiana ataon'ny Vondron'olona na kolejy 6
Fitaovana entina miasa isaky ny dingana 8
Tovana 12

Lisitry ny Fitaovana

Fitaovana 1: Modely Taratasy fanolorana ho an'ny OSC Mpanamora 12
Fitaovana 2: Fafana amin'ny fizohiana ataon'ny ND RIF (Dingana faha- 3 sy faha-6) 13
Fitaovana 3: Fafana entina manao ny fandravonana ny fizohiana sy ny soso-kevitra 15

Lisitry ny Kisary

Kisary 1 : Famaritana ny Fizohiana 4
Kisary 2 : Tanjon'ny Fizohiana ataon'ny olom-pirenena ny Tolo-draharaha Kaominaly 5
Kisary 3: Dingana arahina ho an'ny Fanamoràna ny Tombana 6

Inona no atao ho Fizohiana, ary inona no antony?

Fahalalàna ankapobeny momba ny Fizohiana

Ny Fizohiana dia mifantoka amin'ny **fandrefesana** ny ezaka vita amin'ny alàlan'ny fanangonana ny akoram-baovao rehetra ahafahana manao izany, toa ny antontan'isa, vokam-pandrefesana, endri-java-misy iray na maromaro, fahatsapàna (perception) entina hamaliana ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Hatraiza ny ezaka vita, inona no vokatra azo (nampoizina sy tsy nampoizina) raha ampitahaina vokatra nokasaina ho tratrarina araky ny lamina/drafitr'asa nofaritana teo am-panombohana?
- Inona avy ny antony (facteurs) nampahomby sy lesoka fantatry ireo mpisehatra fa nahatonga an'izany?
- Inona ny toromarika, fepetra hatolotra ireo mpanapan-kevitra sy mpisehatra mikasika ilay sehatra zohiana mba hanatsaràna na hanarenana haingana ny lesoka?


Ny **Fizohiana** dia mifototra amin'ny angom-baovao azo avy amin'ny fitsirihana ny tranga sy zava-misy, fandrefesana isan-karazany atao miverimberina matetika isaky ny vanim-potoana fohy, ka hamoahana soso-kevitra, toro-marika sy/na lesona mari-pototra azo ampiharina.

Ny maha samihafa ny Fizohiana amin'ny Tombana efa nataontsika teo aloha dia ireto teboka manaraka ireto:

- Ny fanatanterahana ireo **lamin'asa/ drafitr'asa efa** voafaritra tao aorian'ny Tomban'ezaka no zohiana,
- Mifantoka kokoa any amin'ny **fandrefesana** ny fizohiana, raha toa fa nifantoka bebe kokoa any amin'ny **fandalinana** ny Tombana
- Ny asa fizohiana dia entina **manitsy ny fomba fiasa an-davan'andro (fohy ezaka)**, fa ny Tombana dia entina hamolavolàna **paik'ady antonony na lavitr'ezaka**.

Toa izao no kisary maneho izany

Kisary 1 : Famaritana ny Fizohiana




Ny **Fizohiana** sy ny **Tomban'ezaka** dia mifampiankina, samy mikendry ny tamberin'andraikitra sy ny fanatsaràna ny tolo-draharaha, saingy ny Fizohiana dia manampy amin'ny **fanatanterahana ny lamin'asa na ny teti-bola miainga amin'ny Tomban'ezaka teo aloha.**

Ny Fizohiana ataon'ny olom-pirenena (Tetik'asa SIMSI)

Raha ampiharina amin'ity asa atrehina ity SIMSI ireo hevitra voalaza etsy ambony ireo dia toa izao no tanjon'ny fizohiana ataon'ny olom-pirenena izay vohiziny.

Kisary 2 : Tanjon'ny Fizohiana ataon'ny olom-pirenena ny Tolo-draharaha Kaominaly



Ny Fizohiana ataon'ny olompirenena dia ho tanterahin'ny Vondron'olona sy ny Sampandraharaha eny ifotony, izay mandefa solon-tena na tsia ao amin'ny RIF. Mba hampanandanja ny vokatry ny asa fizohiana, dia tokony hatao mialoha ny fivorian'ny RIF (Rafitra Ifotony Fikaonan-doha) izy, na mialoha ny Famolavolàna ny Teti-bola manaraka (2021), na ny lamin'asa 2021 ho an'ireo Sampandraharaha fanapariaham- pahefàna.

Fampitàna ny toro-làlana


Ity toro-làlana ity dia hanaovana fiofanana ho an'ny OSC Mpanamora hampihatra azy, ka fiaraha-mientana eo amin'ny Komity RTRSM, ekipa SIMSI sy ireo Mpanao Tantsoroka CIMSI no foto-kevitra hitondràna azy.

Ho hamafisina amin'ny alàlan'ny fanehoana ara-tsary (powerpoint) ity torolàlana ity.

Ny Dingana arahina ho fanamoràna ny Fizohiana ataon'ny Vondron'olona na kolejy

Misy **dingana 7** no arahina ho fanatontosàna ny Fizohiana ataon'ny KOLEJY RIF, araka ny kisary fanehoana manaraka etoana.

Kisary 3: Dingana arahina ho an'ny Fanamoràna ny Tombana



Tabilao maneho ny Mpisehatra sy ny Vokatra isaky ny Dingana

Dingana	Mpisehatra	Vokatra andrasana
1	Fikambanana mpanamora RTRSM Mpikambana ND RIF Mpanao Tantsoroka CIMSI	• Mazava ny momba ny Fizohiana sy ny dingana rehetra ho arahina
2	Fikambanana mpanamora RTRSM Mpikambana ND RIF Birao Mpanantanteraka Tompon'andraikitry ny sampan-draharaha voakasika eny amin'ny distrika (CISCO, SSD, cirtopo/ dom, RE/ distrika)	• Mahafantatra amin'ny fomba ofisialy sady mankatoa ny fisian'ny fizohiana ny Sampan-draharaha voakasika eny amin'ny distrika • Fantatra ny asa efa natao sy kasaina ho atao eny amin'ny Kaomina mikasika ny tolo-draharaha
3	Fikambanana mpanamora RTRSM Mpikambana ND RIF Mpanao Tantsoroka CIMSI	• Feno ny fàfana momba ny fizohiana niainga avy tamin'ny Tomban'ezaka efa vita • Voalamina ny fomba hanaovana ny fangalan-kevitra eny ifotony
4	Fikambanana mpanamora RTRSM Vondron'olom-pirenena eny amin'ny fokontany	• Voaray ny hevitry ny Olom-pirenena momba ny fahafaham-pony mikasika ny Tolo-draharaha
5	Fikambanana mpanamora RTRSM Mpiandraikitra ny Tolo-draharaha Ifotony (EPP, FEFFI, CSB, CoSan, BIF) voakasika	• Voaray ny hevitry ny Tompon'andraikitra momba ny ezaka efa natao sy ho hatao ho fanatsaràna ny tolo-draharaha
6	Fikambanana mpanamora RTRSM Mpikambana ND RIF	• Feno tanteraka ny tabilao fizohiana ny tolo-draharaha • Voafintina ny soso-kevitra avy amin'ny olom-pirenena sy ny mpisehatra samihafa
7	Fikambanana mpanamora RTRSM Birao Mpanantanteraka Mpanolo-tsaina Kaomina Tompon'andraikitry ny sampan-draharaha voakasika eny amin'ny kaomina sy distrika (CISCO, SSD, cirtopo/ dom, RE/ distrika)	• Mahazo ny tahirin-kevitra mahakasika ny fizohiana ny kaomina sy ny Tompon'andraikitry ny sampan-draharaha voakasika (kaominaly sy distrika)

Fitaovana entina miasa isaky ny dingana

☞ *Dingana voalohany*

Ny asa fanomanana mialoha ataon'ny Mpanamora dia ny fifehezana ny **tahirin-kevitry ny Tomban'ezaky ny tolo-draharaha** efa natao teo aloha, toa ireo tabilao ahitàna ny drafitr'asa, ny naoty nomen'ny Kolejy tamin'izany tombana izany. Raha toa ka efa nisy asa nataon'ny CIMSI tamin'ny fizohiana ny tolo-draharaha (niaraka tamin'ny ND ihany io) taty aorian'ny Tombana, dia ny **tabilao fizohiana** efa feno vokatr'izany no ho ampiasaina. Izany no hatao dia mba tsy hahatonga ny ND hieritreritra fa mbola hamerina hanao fizohiana fanindroany indray ry zareo ao anatin'ny fotoana fohy.

Tsy latsa-danja ihany koa ny **Mari-pahatongavana (fiches de presence)** an'ireo olona nandray anjara tamin'ny tombana teo aloha, satria mety ho tsongaina avy ao ny Mpanentana ny mpandray anjara amin'ny fizohiana eny ifotony.

Azo hakàna vaovao ihany koa ireo **tahirim-peo** (ho an'izay misy) efa novokarinny CIMSI niaraka tamin'ny Coalition des RADIOs mikasika an'ilay kaomina manokana.

Eo anatrehan'ny Mpikambana ao amin'ny ND dia ilaina ny manazava tsara dieny vao manomboika amin'ireo Mpikambana ireo ny **maha samihafa ny fizohiana ho hatao amin'ny tombana efa nataon'ny** Olom-pirenena teo aloha. Mandritra ny fivoriana voalohany no hampantsiahivana ny vokatry ny tombana teo aloha, na ny fizohiana efa nisy taty aoriana.

Fanamarihana: ny Mpanao Tantsoroka CIMSI no mampihaona voalohany ny OSC mpanamora sy ny ND.

☞ *Dingana faha- 2*

Ity dingana ity mikatsaka vokatra roa:

- Mahafantatra amin'ny fomba ofisialy, sady mankatoa ny fisian'ny fizohiana ny kaomina sy ny Sampan-draharaha voakasika eny amin'ny distrika,
- Fantatra ny asa efa natao sy kasaina ho atao eny amin'ny Kaomina mikasika ny tolo-draharaha.

Mandritry ny fitsidihina ofisialy (atolotra ny taratasy fanolorana raha ilaina: **Fitaovana 1**) hatao no hiresahana voalohany amin'ireo tompon'andraikitra eny amin'ny distrika sy kaomina momba ny fizohiana. Noho izany dia tokony manomana fitaovana tsotra nefa mazava hanazavàna ny asa fizohiana ho hamorainy ny OSC Mpanamora sy ny Mpanao Tantsoroka CIMSI. Izany fanazavàna izany dia ampiarahina hatrany amin'ny fanazavàna ny tetik'asa CIMSI sy ny asa efa nataony, ary ny dingana ho diaviny mandrampikatony (mars 2021).

Ny antontam-baovao tena ilaina ratovina eny amin'ny Tompon'andraikitra kosa dia izay misy hifandraisany amin'ny fanatsaràna ny tolo-draharaha, na mivantana na ankolaka.

Ohatra Fanabezana: ny CISCO no mety mahavaly ny momba ny fandraisana ho mpiasam-panjakàna na ny fanofanana ny Mpampianatra FRAM. Ny CISCO ihany koa no mahalàla ny Programan'ny Fitondràna Foibe amin'ny fananganana Ecole Préscolaire, Sekoly manara-penitra, etc..

Ohatra Fahasalamana: ny SSD na médecin inspecteur no mahafantatra kokoa ny fahazahoana Dokotera Mpitsabo mpiasam-panjakàna, ny fampîharana ny programan'ny Minsitera mahakasika ny kaomina, ny fiofanana isan-karazany mety homena ny Mpiasan'ny CSB, AC, etc.

Ohatra Fananantany: ny Inspecteur Cir Doma no mahafantatra kokoa ny fepetra ho raisin'ny fitondràna momba ny fahazoana alàlana na tsia hamoaka kara-tany, ny momba ny tantsoroka homeny ny BIF eny amin'ny kaomina, etc…

Efa mety hisy izany antontam-baovao ahafahana mameno amin'ny ampahany ny fàfana momba ny fizohiana (fitaovana 2).
Raha misy OSC vitsivitsy miantsehatra ao amin'ny Distrika iray, dia mandamina fotoana iray iombinana izy ireo amin'ny fandehanana any amin'ny Sampan- draharaha voakasika eo amin'ny Distrika, izany dia mba hisorohana ny fanelingelenana be loatra ny Tompon'andraikitra.

☞ *Dingana faha-3*

Ity dingana ity dia mikendry vokatra 2:

- Feno amin'ny ampahany ny fàfana momba ny fizohiana niainga avy tamin'ny Tomban'ezaka efa vita,
- Voalamina ny fomba hanaovana ny fangalan-kevitra eny ifotony.

Ny fàfana **fitaovana 2** no fenoina amin'ny alàlan'ny fakàna ny hevitry ny ao amin'ny Noyaux durs, izay tokony ahitàna hatrany ny tompon'andraikitra ao amin'ny Birao Mpanatanteraka, ny solon-tenan'ny Kolejy servisy teknika ary ny Olom-pirenena tsotra isan-tsokajiny. Araky ny voalaza etsy ambony, dia mety efa manana **tabilao fizohiana niarahana tamin'ny Mpanao Tantsoroka CIMSI** ny ND, ka dia manamafy fotsiny sisa no tokony hatao.
Tsy ampy nefa ny mionona fotsiny amin'ny fizohian'ny ND, fa tsy maintsy hidina eny ifotony ny mpanamora haka ny hevitry ny **olom-pirenena (amin'ny alàlan'ny vondron'olona) mpisitraka ny Tolo-draharaha** andaniny, ary ireo **Tompon'andraikitry ny tolo-draharaha** eny ifotony ankilany.
Ny fisafidianana ny fokontany no dinihina eo anivon'ny ND, ka fidiana ny fokontany vitsivitsy heverina fa ahitàna fifandanjàna eo anivon'ny kaomina, ka jerena ny **lafiny ara-jeografika** (*ohatra: zana-paritra ao amin'ny kaomina*), ny **ara- tsosialy sy fomba amam-panao** *(ohatra: fifandanjàna eo amin'ny fokotanin'ny mpiavy sy ny tompon-tany efa tranainy),* ary ny **ara-toe- karena** (*ohatra: fifandanjan'ny fokontany betsaka Mpamboly sy ny fokontany betsaka Mpiasa avaram-pianarana, sokajin'olona marefo sy manana loharanom-bola matanjaka).*
Rehefa voafaritra ny Fokontany hidinana, dia jerena ao anaty lisitry ny fahatongàvana tamin'ny tombana teo aloha **ny olona izay efa nandray anjara tao amin'ny fokontany**. Ireo olona ireo no heverina fa afaka manetsika olona hafa hanao ny fizohiana eny ifotony.

Arak'izany dia toa izao ny tokony hisafidianana ny olona isaky ny Tolo-draharaha (tsy vaofetra):

- Fanabeazana: avy ao amin'ny Fikambanan'ny Raiamandrenin'ny Mpianatra na FRAM, Mpikambana ao amin'ny FEFFI/ EPP (ankoatry ny Directeurs EPP), Chefs fokontany na chefs secteurs, Olo-be sy Zoky Olona ara-pomban-drazana ao an-tanàna, Fikambanan'ny Tanora, …
- Fahasalamana: avy amin'ny Fikambanam-behivavy sy Tanora misahana fahasalamana na fahadiovana na fitaizàna, Agents communautaires mikambana ao amin'ny COSAN, Chefs fokontany na chefs secteurs, Olo-be sy Zoky Olona ara-pomban-drazana ao an-tanàna, mpikambana olon-tsotra ao amin'ny Komity Loharano, Tompon'andraikitra olon-tsotra ao amin'ny Centres de nutrition, etc…
- Fananan-tany: Solon-tena Fikambanana Mpamboly – Miompy efa misy, Mpikambana avy ao amin'ny CRL (comité de reconnaissance locale), Chefs fokontany na chefs secteurs, Olo-be sy Zoky Olona ara-pomban-drazana ao an-tanàna,

Ao aorian'izay no hanatanterahana ny fampilazàna sy ny fiantsoana ny vondron'olona hanao ny fizohiana **(iza, aiza, oviana?)** hataon'ny OSC Mpanamora miaraka amin'ny ND.

☞ *Dingana faha- 4: Fizohiana ataon'ny vondron'olona eny amin'ny fokontany*

Ny fitambaran'ny olona hakàn-kevitra dia heverina ho olona eo ho eo amin'ny **15** farafahakeliny eo anivon'ny fokontany 1, ka kendrena ny hahatratrarana **Olona 100 farafahakeliny** eo anivon'ny kaomina. Ireto ny dingana arahina amin'ny fakàna hevitry ny olom-pirenena eny anivon'ny vondron'olona eny amin'ny fokonolona sy fokontany:

1) Tanterina amin'ny olona mifanatrika ny vokatry ny fizohiana nataon'ny ND **(Fitaovana 2**). Ny fiheverana fa fijery eny anivon'ny kaomina no mahatonga ny Olom-pirenena misitraka ny tolo-draharaha hangatahina hameno sy hitondra fanamarihana miainga amin'ny zava-misy io tabilao io.
2) Adika amin'ny taratasy lehibe ny tabilao nofenoin'ny ND, ka iarahan'ny mpivory ny mitondra fanampin-kevitra, na fanamarihana, izay mety manamafy na mandiso izay efa voasoratra mialoha.
3) Rehefa avy mitondra ny heviny ny vondron'olona, dia entanina mba hanamarika eo amin'ny fàfana manaraka ny tahan'ny fahafaham-pony, ka hanazava ny antonantony sy hanome izay soso-kevitra avy amin'dry zareo (jereo **fitaovana 3**).

☞ *Dingana faha-5: Fakàna hevitra eny amin'ny Tolo-draharaha ifotony*

Ireto ny dingana arahina amin'ny fakàna hevitry ny Tompon'andraikitra eny anivon'ny Tolo-draharaha eny ifotony:

1) Fanomanana sy fiantsoana ny Tompon'andraikitra hanao ny fizohiana (iza, aiza, oviana?)
2) Tanterina amin'ny Tompon'andraikitra ny vokatry ny fizohiana nataon'ny ND **(Fitaovana 2**). Ny fiheverana fa fijery eny anivon'ny kaomina no mahatonga ny Tompon'andraikitry ny tolo-draharaha hangatahina hameno sy hitondra fanamarihana miainga amin'ny zava-misy an'io tabilao io.
3) Adika amin'ny taratasy mitokana ny tabilao nofenoin'ny ND, ka hitondràna fanampin-kevitra, na fanamarihana, izay mety manamafy na mandiso izay efa voasoratra mialoha.

☞ *Dingana faha- 6: Asa fandravonana ataon'ny ND*

Ny asa fandravonana dia mandravona ireto akoram-baovao ireto:

1) Ny tabilao efa nofenoin'ny ND teo aloha (**Fitaovana 2),** izay hatevenin'ny soso-kevitra fanatsaràna rehetra navoakan'ny Vondron'olona sy ny sampan-draharaha eny ifotony,
2) Ny tabilao nofenoin'ny Vondron'olona fanampim-baovao sy ny tahan'ny fahafaham-pony (**Fitaovana 3),** izay mitovy isa amin'ny isan'ny vondron'olona nampandraisina anjara isaky ny fokontany
3) Ny ND sy ny Mpanamora kosa no manorina ny tabilao manavao ny lamin'asa vaovao (**fitaovana 4)**

Raha fintinina izany ny vokatry ny asa eo amin'ity dingana farany ity izany dia:

- **Tabilao fizohiana** (*fitaovana 2 nohatsaraina eo amin'ny tsanganana "soso-kevitra fanatsaràna")*
- **Tabilao maneho ny fahafaham-pon'ny manjifa (fanambarana ny tabilao novonkarin'ny vondron'olona eny amin'ny fokontany na fokonolona)** *(fitaovana 3*)

- **Tabilao manavao ny lamin'asa ho an'ny manaraka** (*fitaovana 4)*

☞ *Dingana faha-7: Fanapariahana ny vokatry ny fizohiana*

Ankoatry ny ao amin'ny Mpikambana RIF, ny tahirin-kevitra mirakitra ny fizohiana dia ho zaraina amin'ny kaomina sy ny Tompon'andraikitry ny sampan-draharaha voakasika (kaominaly sy distrika).

Ho an'ny Kaomina dia hanampy azy amin'ny famolavolàna ny Teti-bola manaraka indray ny antontan-kevitry ny fizohiana. Toa izany koa no ilàn'ny Sampan-draharaha azy.

Ny **Foibe RTRSM sy ny CIMSI** dia handray ny tatitry ny fizohiana rehetra, ka hampiasa Teléphone ny OSC Mpanamora ahafahana:

- ☞ maka sary vokatry ny asa vita
- ☞ mandefa email ny asa vita soratra
- ☞ maka feo ny santionan' ny mpisehatra
- ☞ ary mandefa anaty formulaires manokana ny vokatry ny asa rehetra.

Hisy fiofanana avy aty amin'ny CIMSI homena ny OSC mikasika an'izany.

Tovana

Fitaovana 1: Modely Taratasy fanolorana ho an'ny OSC Mpanamora

Antananarivo, faha……. 2020

Ho an' Andriamatoa *I* Ramatoa

……..

Antony: Taratasy fampidirana ireo olona hanamora ny Fizohina Olom-Pirenena (Suivi de l'*Evaluation citoyenne*) iarahana amin'ny tetikasa SIMSI na **S**ehatra **I**fampierana **M**ampahomby ny **S**ampandraharaha eny **I**fotony, amin'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny.

Tompoko,

Ny tetikasa SIMSI izay vatsian'ny Banky Iraisam-pirenena vola ary tanterahin'ny ONG SAHA dia mikatsaka ny « **Fanatsarana ny servisy kaominaly amin'ny alalan'ny fandraisan'andraikitry ny olom-pirenena** » ary hiasa eo anivon'ny **Kaominina** xxxxxx entina hanatsarana ny tolo-draharaha eny ifotony.

Tao aorian'ny fanatanterahana ny tombana izay nataon'ny KOLEJY (collèges) /RIF (SLC) mifototra amin'ny fanadihadiana tranga sy zava-misy azo hamarinina, dia miroso amin'ny fizohiana indray ny tohana omen'ny Tetik'asa, ka amoahana soso-kevitra, toro-marika sy/na lesona miainga avy amin'ny mpanjifa sy ny Tompon'andraikitra isan'ambaratongany izany. Ny vokatry ny fizohiana dia afaka manampy ny Kaomina amin'ny fanatsaràna hatrany ny paik'ady, sy ny lamin'asa, na ny teti-bola entina hanatsaràna ny tolo-draharaha eny ifotony.

Noho izany dia misy ny mpanamora avy amin'ny vovonan'ny fiarahamonim-pirenena RTRSM na ny Réseau de Transparence et de Redevabilité Sociale à Madagascar, …… izay miara-miasa amin'ny ONG SAHA hidina eny ifotony hitarika ny fanatanterahana ny Fizohiana sy hitafa amin'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Kaominina, ny Fokontany, ny Sampandraharaham-panjakana isan-tokajiny ary ny mponina.

Ity taratasy ity no atao ho fampahafantarana ny momba azy sy ny asa ho ataony ary koa ho fanamarinana ny fanatanterahany ny asany eo amin'ny toerana andalovany.

Manantena fiaraha miasa mahomby amintsika Tompon'andraikitra tsirairay isan-tsokajiny.

Raiso Tompoko ny haja ambony atolotra anareo,

Ny Mpandrindra ny Tetikasa,

Harilanto RAVELOMANANTSOA

Fitaovana 2: Fafana amin'ny fizohiana ataon'ny ND RIF (Dingana faha- 3 sy faha-6)

Androany faha: …….
District :
Commune :
Servisy nosafidiana :
Antony : Fizohina ny tombana nataon'ny olom-pirenena
Daty :

Fizohiana ny vokatry ny tolo-draharaha ataon'ny ND RIF (mahakasika ny dingana **faha- 3, faha-5** sy dingana **faha- 6**)

Mason-tsivana	Asa voafaritra hanatsarana ny servisy	Asa notanterahina sy vokatra azo (*)	Taha ny fahavitan'ny asa (%)	Fomba nanatanterahana ny asa sy ny tomponandraikitra voakasika	Asa mbola tsy vita	Sakana na antony tsy nahavitana ny asa	Vahaolana na soso-kevitra (*)
1- Fisian'ny Servisy							
2- Kalitao ny Servisy							
3- Sara ny Servisy							
4- Fotoana hisitrahana ny Servisy							
5- Fitantanana Ny fitarainana							
6- Fihodin'ny rafitra							

(*): azo heverina ho dingana efa vita ny fahatadifidiran'ny Nisy tafiditra tao **anaty drafitrasa na/sy teti-bolan'ny Kaominina** ny asa voafaritra ho fanatsarana ny servisy nivoaka tamin'ny tombana nataon'ny olom-pirenena

Fanamarihana:

- Miainga avy amin'izay vaovao farany no hanaovana ny tabilao, ka havaozina ny efa vita niarahana tamin'ny mpanao tantsoroka CIMSI raha efa misy.

Sonia
Ny solon-tenan'ny ND nanao ny fizohiana
Ny mpanao Tantsoroka

Fitaovana 3: Fafana entina manao ny fandravonana ny fizohiana sy ny soso-kevitra

Mahakasika ny dingana **faha 4 sy faha- 6**

Maridrefy (ohatra Fahasalamana)	Asa voafaritra hanatsarana ny servisy (dika mitovy amin'ny tsanganana Fitaovana 2)	ISA AZO					Antonantony	Soso-kevitra fanatsaràna
		Tena ratsy = 1	Ratsy = 2	Antonony = 3	Tsara = 4	Tena tsara = 5		
1. **FISIAN'NY SERVISY (Disponibilité des services/Couverture)**								
Fahafaham-po momba ny fisian'ny CSB2 sy ny FANOME (Phagécom)	☞		X					
Fahafaham-po momba fiasan'ny CSB1	☞			X				
Fisian'ny Agents Communautaires (AC) amperin'asa	☞			X				
Naoty masontsivana		**8/15 (ny isa menamena dia ohatra)**						
2. **KALITAO/HATSARAN'NY SERVISY (QUALITE DU SERVICE)**								
Fahafaham-pon'ireo mpampiasa ny servisy miohatra amin'ny fitsaboana azo ao amin'ny CSB 1 & 2					X			
Fahafaham-pon'ireo mpampiasa ny servisy miohatra amin'ny servisy atolotry ny AC	☞			X				

Maridrefy (ohatra Fahasalamana)	Asa voafaritra hanatsarana ny servisy (dika mitovy amin'ny tsanganana Fitaovana 2)	ISA AZO					Antonantony	Soso-kevitra fanatsaràna
		Tena ratsy = 1 	Ratsy = 2 	Antonony = 3 	Tsara = 4 	Tena tsara = 5 		
Mangaraharaha mikasika ny famaritana ny sara aloa amin'ny fitsaboana sy ny vidim-panafody	☞				X			
	Naoty masontsivana	11/15						
3. SARAN'NY SERVISY (COUTS DES SERVICES)								
Fifanarahan'ny fahafaha-mividin'ny mpampiasa/mpanjifa ny servisy sy ny saran'ny servisy atolotry ny CSB1 sy CSB2 ary ny AC	☞			X				
	Naoty masontsivana	3/5						
4. FE-POTOANA AHAZOANA MISITRAKA NY SERVISY (DELAI)								
Fotoana ahazoana/ ny servisy (CSB 1 & 2)	☞		X					
Fahafaham-po miohatra amin'ny halaviran'ny lalana mamonjy tobim-pahasalamana CSB (1 & 2)	☞				X			
	Naoty masontsivana	6/10						
5. FITANTANANA FITARAINANA (GESTION DES PLAINTES)								

Maridrefy (ohatra Fahasalamana)	Asa voafaritra hanatsarana ny servisy (dika mitovy amin'ny tsanganana Fitaovana 2)	ISA AZO					Antonantony	Soso-kevitra fanatsaràna
		Tena ratsy = 1 	Ratsy = 2 	Antonony = 3 	Tsara = 4 	Tena tsara = 5 		
Fahafaha-manao fitarainana/Fangataham-panazavana/hetaheta	☞		X					
Fahafaham-po amin'ny valin-teny azo vokatry ny fitarainana/fangataham-panazavana natao, …	☞	X						
Naoty masontsivana		3/10						
6. FIHODINAN'IREO RAFITRA MISEHATRA AMIN'NY FAHASALAMANA (FONCTIONNALITE DU SYSTEME DE SANTE)								
Fihodinan'ny COSAN (Comité de santé), ny CCDS (Comité communal de développement de la Santé) ary ny COGE (Comité de gestion Phagecom /CSB 2)	☞							
Naoty masontsivana		3/5						

Fitaovana 4: Tabilao famintinana farany ataon'ny ND RIF

Mahakasika ny dingana **faha- 6**

Masontsivana	Asa hatao/ Fepetra raisina	Tompon'andraikitra voalohany	Mpiara-miasa na mpiara-miombon'antoka	Vanim-potoana hanatanterahana		Ho enti-manana				
				Fan Ombo hana	Fiafa rana	Teti-bola kaominina	Servisy tekinika na minisitera	Mpiara-miombon' antoka	Anjara biriky mpahazo tombontsoa	Hafa
1- Fisian'ny Servisy										
2- Kalitao ny Servisy										
3- Sara ny Servisy										
4- Fotoana hisitrahana ny Servisy										
5- Fitantanana Ny fitarainana										
6- Fihodin'ny rafitra										